Fiangonana **P**r otestanta **M**al agasy aty **A**ndaf y

EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE

Toriteny sy Fampianarana nentin'ny Filoham-boninahitra
DOCTEUR PERI RASOLONDRAIBE
momba ny :

FIREHANA TEOLOJIKAN'NY FPMA

ZAIKABE FPMA 2003

08-09 novambra 2003

Couvent St François 7 rue Marie Rose Paris 14ème

Nandray an-tsoratra : Pasteur Solo Andrianomenjanahary, Tonian'ny FMM

Fanoroam-pejy

TORITENY 3
1 Fiangonana, famoronam-baovao 3
2 Fiangonana, fiombonana amin'Andriamanitra Telo izay Iray 3
3 Zava-panahy momba ny Koinonia (fiombonana) 3
4 Fiangonana, trano arafitr'Andriamanitra 3
5 Fiangonana, masina, fonenan'Andriamanitra 4
6 Anareo ny zavatra rehetra … ho fandrafetana ny fiangonana 4
7 Ny manimba ny fiangonana 4
8 Fiombonana mitondra soa 4
9 Fanomezam-pahasoavana hampahatanjaka ny Koinonia 5
10 Koinonia mandrakizay 5
11 Fehiny 5
FAMPIANARANA 6
1 Inona no ilàna ny Firehana Teolojika ? 6
2 Inona no ilàn'ny FPMA ny Firehana Teolojika ? 6
3 Ny Firehana Teolojika : Fiombonana manao asa misiona 6
4 Ny Firehana Teolojikan'ireo fiangonana nipoiran'ny FPMA 6
4.1 Ny firehana Réforme 6
4.1.1 Alliance de grâce 7
4.1.2 Misy karazany telo ny Alliance : 7
4.1.3 Ny anjaran'ny olona tsy maintsy tanterahany 7
4.2 Ny loterana 7
4.2.1 Fanamarinana miroso amin'ny fahamarinana 7
4.3 Tsikera 7
4.3.1 Fahasoavana sy lalàna ? 7
4.3.2 Mahatonga fiolonolonana ? 7
4.3.3 Toa resaka ara-tsaina fotsiny ? 7
4.4 Azo ampifamenoana ao amin'ny fiombonana ireo 8
4.4.1 Fiombonana, mihoatra sy mandray ny fanekem-pihavanana 8
4.4.2 Fiombonana, mandray ilay fanamarinana amin'ny fahasoavana 8
4.5 Io Firehana FPMA io dia mifototra ara-tSoratra Masina. 8
4.5.1 Miombona amin'ny Trinité ny FPMA, izay Communauté d'envoi. 8
4.5.2 Ny FPMA dia velomin'ny Sakramenta. 8
4.6 Inona ary no takian'ny Firehana FPMA (amin'ny ankapobeny) 9
5 Fizaràna antoko 9
5.1 Antoko I : Ministera inona avy no tokony hisy ao amin'ny FPMA 9
5.2 Antoko II : Fijoroana ho vavolombelona manao ahoana no takian'io Firehana io 10
5.3 Antoko III : Rafitra manao ahoana no entin'ny ny communion en mission 11
5.4 Antoko IV : Ahoana no ananan'ny FPMA foto-pampianarana iombonana 11
5.5 Antoko V : Ahoana no fomba handraisan'ny FPMA ny lova samihafa hitany fa hahatsara ? 11
6 Fanamarihana 12
7 Ho famaranana, fampanantenàna 12
7.1 FPMA hitondra fanavaozana ho an'ny fiangonana mizarazara eran-tany 12

TORITENY

Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.

Raisin-tsika ny fampianaran'ny apostoly Paoly ao amin'ny Korintiana, izay momba ny atao hoe fiangonana ary tandrify ny Fpma indrindra izany. Ka tsy izaho no hitoriteny fa ny apostoly Paoly.

Tsy ho toriteny izy ity fa fampianarana. Rehefa mamaky io taratasin'i Paoly io isika dia aoka ho soloina hoe FPMA ny teny hoe Korintiana. Atao hoe vao omaly izy no nanoratra azy ho antsika.

Ity dia taratasy nosoratan'ny apostoly Paoly ho an'ny FPMA, noho ny zavatra hitany ato dia ny amin'ny fizarazaràna izany, ary ilazàny ny teny hoe FIANGONANA, amin'ny maha FIOMBONANA azy (Koinonia).

1 FIANGONANA, FAMORONAM-BAOVAO

Lazainy ny maha famoronam-baovao ny fiangonana. Nantsoiny ho masina. Nohamasinina ao amin'i Kristy Jesosy.

Ao amin'ny toko 1 and. 2 : mamangy ny fiangonan'Andriamanitra, dia izay nohamasinina ao amin'i Kristy Jesosy, olona voantso sady masina ...

Miavaka amin'ny famoronan'Andriamanitra izao tontolo izao izany, izay hitan'Andriamanitra fa tsara.
Eo amin'ny fiangonana kosa, dia ao anatin'ny fiombonana amin'i Kristy ny famoronam-baovao. I Kor 1 : 9 "Mahatoky Andriamanitra, Izay nahatonga ny fiantsoana anareo hanananareo firaisana amin'ny Zanany, dia Jesosy Kristy Tompontsika".

Amin'ny maha famoronam-baovao dia ny sitrapon'Andriamanitra no mampisy azy : araka ny tenin'i Jaona manao hoe : "tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak'Andriamanitra" Jaona 1 : 13.

2 FIANGONANA, FIOMBONANA AMIN'ANDRIAMANITRA TELO IZAY IRAY

Manana fiombonana amin'Andriamanitra Telo izay Iray ny fiangonana ary izany indrindra no maha izy azy. Iray aina amin'Andriamanitra izy ary izany no mitaratra sy mibaiko ny asany. "Hiray teny, ka tsy hisy fisarahana, fa mba ho tafakambana tsara hiray saina sy hevitra ... satria Kristy tsy voazarazara" (I Kor 1 : 10, 13)

Ny toko II, III, IV dia manambara ny fototra maha fiombonana ny fiangonana.
Ny fiangonana dia Tempolin'Andriamanitra, voalohany indrindra, miorina amin'ny Tenin'Andriamanitra. (Toko I, II).

Tsy amin'ny teny fahendrena, fandrao ho foana ny hazo fijalian'i Kristy (I Kor 1 : 17) fa miorina amin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny herin'Andriamanitra (I Kor 2 : 4), miorina amin'ny sain'i Kristy (I Kor 2 : 16).

3 ZAVA-PANAHY MOMBA NY KOINONIA (FIOMBONANA)

Zava-panahy lalina dia lalina ity fampianarana momba ny Koinonia ity.
Hoy ny ambarany ao amin'ny I Kor 2 : 12 - 16 : *Fa isika tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay avy amin'Andriamanitra, mba ho fantatsika izay zavatra nomen'Andriamanitra antsika.*

Izany koa no lazainay, tsy amin'ny teny ampianarin'ny fahendren'olona, fa amin'ny teny ampianarin'ny Fanahy, raha milaza zava-panahy amin'izay olona araka ny Fanahy izahay. Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany. Fa ny olona araka ny Fanahy kosa dia mahafantatra ny zavatra rehetra, kanefa izy tsy fantarin'olona. Fa "iza no nahafantatra ny sain'ny Tompo mba hampianatra Azy?" (Isaia 40:13). Fa izahay manana ny sain'i Kristy.

4 FIANGONANA, TRANO ARAFITR'ANDRIAMANITRA

Lazain'i Paoly fa trano arafitr'Andriamanitra isika, kolokoloiny ka hanirahany mpanompo. I Kor 3 : 1 - 15
Tsy ny mpanompo no zava-dehibe fa Andriamanitra izay mampitombo, manavao ny fiangonana hiombona aminy tanteraka, mba hiombona amin'Andriamanitra Telo izay Iray isika.

Lazain'i Paoly koa fa Tempolin'Andriamanitra isika. I Kor 3 : 16s Tsy fantatrareo va fa tempolin'Andriamanitra hianareo, ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatinareo? Raha misy manimba ny tempolin'Andriamanitra, dia mba hosimban'Andriamanitra kosa izy; fa masina ny tempolin'Andriamanitra, dia hianareo izany.
Tsy ny tsirairay fa ny fiangonana miombona amin'ny maha Koinonia azy no Tempolin'Andriamanitra. Ny fiangonana monina ao amin'i Kristy ary ny Fanahy Masina no mandrafitra azy hiray tanteraka aminy.

5 FIANGONANA, MASINA, FONENAN'ANDRIAMANITRA

Misy ny hoe Fifamponenan'Andriamanitra Telo Izay Iray.
Lazain'i Paoly koa fa ny fiangonana dia mandray anjara amin'ny fifamponenan'Andriamanitra.
Aza mijery ny tenanao intsony.

Tsy fikambanana toy ny fikambanana rehetra ny fiangonana fa itoeran'Andriamanitra ary monina ao amin'Andriamanitra.

Tsaroana ny teny ho an'i Mosesy : "Esory ny kapanao fa tany masina io itsahanao io".
Aoka tsy hisy intsony hiteniteny foana fa tany masina ny fiangonana.
I Kor III : 17 Fa masina ny tempolin'Andriamanitra, dia hianareo izany. Raha misy manimba ny tempolin'Andriamanitra, dia mba hosimban'Andriamanitra kosa izy;
I Kor III : 21 Ka dia aza misy manao olona ho reharehany; fa anareo ny zavatra rehetra : na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tontolo izao, na fiainana, na fahafatesana, na ny zavatra ankehitriny, na ny zavatra ho avy; dia anareo izany rehetra izany; ary hianareo an'i Kristy, ary Kristy an'Andriamanitra.

6 ANAREO NY ZAVATRA REHETRA ... HO FANDRAFETANA NY FIANGONANA

Anareo ny zavatra rehetra. Diniho tsara izany teny izany.
Tian-tsika mandrakariva ny hanana étiquette hoe : isika dia an'ny olona iray, manaraka an-dranona sy ranona.
Ny pureté no ambony noho ny unité.

I Paoly dia miresaka fototra : anao ny zavatra rehetra, na i Paoly, na i Apolosy, na i Lotera, na i Calvin sns... Tsy ianao no azy fa izy ireo no anao. Ireo dia nomen'Andriamanitra ho fandrafetana anao ho fiangonana miorina amin'Andriamanitra.
Toa mbola iainan-tsika ato amin'ny FPMA izany.

7 NY MANIMBA NY FIANGONANA

Ny fiombonana dia trano arafitr'Andriamanitra.
Zava-dehibe no andinihan-tsika hoe : momba ny natioran'Andriamanitra ny fiangonana.
Maro ny zavatra lazain'i Paoly fa manimba azy io.

- Ny fireharehana
  Ny mirehareha dia olona "vetaveta" (I Kor 5 : 13), manimba, mitondra loto amin'ny fiainan'Andriamanitra Telo Izay Iray.
- Ny olana mitranga eo amin'ny fiangonana dia entina eo amin'ny mpitsaran'izao tontolo izao. (I Kor 6 : 1 - 11).
  Mandona ny crédibilité n'ny fiangonana izany ary mahavoa ny identité n'ny fiangonana.
- Ny fahafahana kristiana : ho entina ho aiza ? I Kor 6 : 12 - 20.
  Izaho tsy mety handevozin-javatra na inona na inona.
  - Ny amin'ny fijangajangana : ny Fanahy Masina miaraka aminao no entinao amin'izany.
    Na manambady ianao na tsia dia tsy manota. Ny zava-dehibe dia ny itoeran'ny olona eo amin'ny Tompo.
  - Ary indrindra, I Kor 8 : 12 - 13 : Ny fahafahana dia entina mitsimbina ny hafa, fa tsy hamingana ny hafa.

8 FIOMBONANA MITONDRA SOA

Entina hanamafisana ny firaisana ny fiombonana. I Kor 9 : 19 "Fa na dia afaka amin'ny olona rehetra aho dia mbola nataoko ho mpanompon'ny olona rehetra ihany ny tenako mba hahazoako maromaro kokoa."

Ny zavatra rehetra azo atao fa tsy ny zavatra rehetra no mahasoa ; ny zavatra rehetra azo atao nefa tsy ny zavatra rehetra no mampandroso. Aoka tsy hisy olona hitady ny hahasoa ny tenany, fa ny hahasoa ny namany. I Kor 10 : 23 - 24.
Mitady hahasoa ny hafa.

Eo amin'ny fanompoam-pivavahana, misy fanajàna, ohatra, eo amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo, izay tena votoatin'ny Koinonia, dia mila fanajàna. I Kor 11.

9 FANOMEZAM-PAHASOAVANA HAMPAHATANJAKA NY KOINONIA

Eo amin'ny toko faha-12, ny fiangonana dia tenan'i Kristy, izay manana rantsana maro. Omeny fanomezana (don de l'Esprit) ireo rantsana ireo, ho entina mampahatanjaka ny Koinonia. I Kor 12 : 25 "mba tsy hisy fisarahana eo amin'ny tena, fa mba hifampiahy ny momba ny tena rehetra."
Fiangonana, tenan'i Kristy manao asa soa eo amin'izao tontolo izao..

Tsy misy olona tsy nahazo izany fanomezana izany izay rehetra ao amin'ny fiangonana. Ny fanontaniana dia ny hoe : fantatrao ve ny anao ?
Tsy talenta izy io fa "don de l'Esprit".
Misy don ambony noho ny hafa dia ny haminany : hanambara mazava sy sitrapon'Andriamanitra amin'ny fahasahiana, mamporisika sy mampionona.

10 KOINONIA MANDRAKIZAY

Toko faha-15 : Ity koinonia ity dia mitohy eo amin'ny mandrakizay. Ny fiainana mandrakizay dia miara-miafina ao amin'ity Koinonia ity. Tsy zavatra manidina fotsiny amin'ny hoe "lanitra", fa miorina ao amin'ity fiombonana ity. Mitady izany amin'ny zavatra hafa ny olona fa tsy misy izany raha tsy ao amin'ity fiombonana ity ihany.

11 FEHINY

Fiombonana masina ny fiangonana, Tempolin'Andriamanitra masina, itoeran'ny Fanahy Masina, velomin'ny Tenin'Andriamanitra.

Isaorana anie Andriamanitra izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina.
Ho an'ny FPMA anie ny fahasoavan'Andriamanitra izao ka ho mandrakizay. Amen.

FAMPIANARANA

Loha-hevitra sarotra ny resaka Firehana Teolojika, tsy mora ny manazava azy, koa miala tsikera aminareo amin'ny voambolana mety ho hafahafa amin'izany izay tsy maintsy ampiasaina.

1 INONA NO ILÀNA NY FIREHANA TEOLOJIKA ?

- Ny Teolojiana tsirairay dia samy manana ny Firehana Teolojikany, na dia mety ho tsy conscient an'izany aza izy.
- Ny mpitoriteny tsirairay dia samy manana izany, arakaraka izay tsindriany eo amin'ny toriteny. Entiny mandrafitra ilay toriteny izany na conscient an'izany izy na tsia dia miseho eo ny firehany.
- Ny fiangonana tsirairay koa dia manana izany, ka ny Firehana Teolojikany no entiny mandrafitra ny foto-kevitra teolijikany rehetra.

Ohatra, ny fampianarana momba ny batisa, ny fanasan'ny Tompo, ny fahafatesana, ... betsaka ny fampianarana momba izany fa ny iza no raisiny, ka tsy atao "salades" fotsiny, izay mitovitovy endrika no raisina, fa misy iantonan'izy rehetra ary misy fifandraisany avokoa ny fampianarana.

Ny rafitra iainan'ny fiangonana koa dia entin'izany Firehana Teolojika izany. Eo amin'ny tantaran'ny fiangonana dia atao hoe Mari-tady na Fil-à-plomb no ampiasaina hijerena na mahitsy na tsia ny finoana, ny fampianarana ny Soratra Masina ... ka izay tsy manaraka dia dinihina akaiky ary ahitsy amin'iny.

Ny fiangonana tsirairay dia samy manana ny Firehana Teolojikany. Ao ny Loterana, ny Réformée, ny Anglikana ... dia samy manana ny azy avokoa. Ary ny FPMA manao ahoana ?

2 INONA NO ILÀN'NY FPMA NY FIREHANA TEOLOJIKA ?

Marina fa efa voafaritra ao amin'ny lalam-panorenana ny foto-pinoan'ny FPMA, saingy ankapobeny izany. Maro koa ny fiangonana manana izany.

Fa ny asa miandry ny FPMA dia ny Doctrine-ny izay itovizan'ny tafo Marseille sy Lille ohatra. Io no fanontanian'ny olona voalohany : manana ny dogmatikany ve ity fiangonana ity.
Amin'izany no anehoany ny fiankinany amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Misy fifandraisany koa ny fampianana sy ny asa izay kendreny atao sy ny rafitra isehoany amin'ny maha fiangonana azy. Ary ny Firehana Teolojika no entina manampy amin'izany.
Satria ny FPMA dia fiombonan'ny mino avy amin'ny sampam-piangonana samihafa, FJKM, FLM, misy koa teto vao nanatona ny FPMA, sns ... dia ilaina ny hananana izany.

Samihafa amin'ny FFPM (fiangonana roa no mitambatra ao) izay fiaraha-miasa, ny FPMA dia fiangonana iray ary mila tondrozotra manainga sy manentana amin'ny firaisana fa tsy fitsipika mety hamono ny fitarihan'ny Fanahy Masina amin'ny mino.

3 NY FIREHANA TEOLOJIKA : FIOMBONANA MANAO ASA MISIONA

Tamin'ny fihaonan'ny Mpitandrina tamin'ny volana jona 2003 no mamolavolainy ny Firehana Teolojika : "Fiombonana manao asa misiona, Communion en Mission".

Ny maha-Communion ny fiangonana dia efa ren-tsika teo (jereo toriteny).
Hatramin'ny fitsanganan'ny Tompo tamin'ny maty dia mitambatra ao amin'ny maha Andriamanitra an'Andriamanitra ny Fiangonana.
Nanao révolution ngezabe Andriamanitra, nandray risque ny handraisan'Andriamanitra ny fiangonana ao aminy.

Ny Firehana Teolojikan'ny FPMA dia mampivoitra ny fiombonana manao asa misiona.

4 NY FIREHANA TEOLOJIKAN'IREO FIANGONANA NIPOIRAN'NY FPMA

4.1 NY FIREHANA RÉFORME

Ny firehana ananan'ny ankamaroan'ireo nivoaka avy amin'ny Réforme dia Firehana Teolojika fototra : "Alliance de grâce". Izay no ijereny ny fampianarana rehetra.

4.1.1 Alliance de grâce

Izany Alliance de grâce izany dia ataon'Andriamanitra amin'ny olona : Adama, Noa, Abrahama, Jakoba sns ... "Izaho ho Andriamaniny ary izy ho oloko".

Tsy nahatanteraka izany Alliance de grâce izany anefa ny olona, ka mila ny fahasoavan'Andriamanitra hampiverina azy indray ao amin'ny Alliance.

4.1.2 Misy karazany telo ny Alliance :

- fanekem-panavotana izay ao amin'ny mandrakizay, fanekena nataon'ny Ray sy ny Zanaka.
- fanekena araka ny asa, izay nahorin'Andriamanitra tamin'i Adama voalohany
- fanekem-pahasoavana nataon'Andriamanitra tamin'i Adama faharoa, miankina amin'ny fahamendrehan'i Kristy

Voasoritra mazava amin'izany fampianarana izany : ny "**souveraineté**" n'Andriamanitra.
Tsy hoe maha-te ho tia akory ny olom-belona, fa efa mafihatoka hatrany amboalohany izy. Saingy noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny heriny manokana no hanaovany izany.

4.1.3 Ny anjaran'ny olona tsy maintsy tanterahany

Na izany aza dia misy anjara tsy maintsy ho tanterahan'ny olona, raha tsy izany dia meloka amin'ilay fanekena izy. Marina fa fanekem-pahasoavana saingy ilay anjaran'ny olona tsy maintsy tanterahany.

Rehefa jerena dia toa lasa mirona amin'ilay tapany faharoa (ilay anjara tsy maintsy tanterahana) ny sain'ny olona. Ohatra, ilay litorjia natao aninkeo, rehefa vita ny fanekena dia vakiana ny Sitrapon'Andriamanitra. Firehana Teolojika miorina amin'ny fanekena izany.

Ry zareo tany amin'ny faritra Allemagne sy Tchec dia mijery hafa indray ny firehana.

4.2 NY LOTERANA

Ny loterana sy ny niara-dia taminy dia nanao fa ny firehana teolojika dia aoka ho ny filazantsara madio : Fanamarinana amin'ny fahasaovana raisina amin'ny finoana.
Tsy misy na inona na inona ataon-tsika olombelona fa fahasoavana tanteraka.

4.2.1 Fanamarinana miroso amin'ny fahamarinana

Fa izao kosa : izay nahazo fahasoavana tamin'izany dia miroso amin'ny fahamarinana (justice).
Justification mahatonga miroso amin'ny justice fa tsy ny inverse.
Asan'Andriamanitra irery ny fanamarinana.
Ny Fahamarinana kosa (justice) dia natao hotondra rariny sy hitsiny, tsy ho an'Andriamanitra fa ho an'ny fiaraha-monina, ho an'ny olona.

4.3 TSIKERA

Efa niharan-tsikera hatramin'izay ireo firehana teolojika ireo :

4.3.1 Fahasoavana sy lalàna ?

Ohatra : i Karl Barth, réformée izay nilaza fa ny manorina ny firehana teolojika amin'ny alliance dia mahatonga ny olona hiaina amin'ny légalisme. Miezaka mandrakariva hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.
Niezaka i Karl Barth mba ho fahasoavana amam-pahasoavana mandrakariva no iainan'ny olona fa tsy fiainana à deux temps hoe eto aloha fahasoavana, ary eto kosa manao lalàna.

4.3.2 Mahatonga fiolonolonana ?

Ohatra faharoa, ny loterana, efa nisy tsikera koa fa lasa individualiste ny tsirairay : ahoana kosa ny fiangonana amin'ny maha-fiangonana manontolo azy ? Toy ny hoe afaka esorina ny tsirairay hanana relation verticale (amin'Andriamanitra) fa ahoana ny relation horizontale (amin'ny olona samy olona) ?

4.3.3 Toa resaka ara-tsaina fotsiny ?

Amin'izy roa tonta dia lazain'ny olona hoe toa lasa resaka saina daholo izy ity (ireo réformateurs mantsy dia saiky mpampianatra tamin'ny Université daholo). Toa zavatra intellectuelle no betsaka ?

Aiza ny resaka fitiavana, fiombonana, Fanahy Masina ... amin'ity zavatra ity.

4.4 AZO AMPIFAMENOANA AO AMIN'NY FIOMBONANA IREO

4.4.1 Fiombonana, mihoatra sy mandray ny fanekem-pihavanana

Hoy izahay tao amin'ny FMM hoe azo ampifamenoana tsara ireo rehetra ireo, ka ny Alliance de grâce dia afaka akisaka handray ny Communion (Koinonia).

Ny Fiangonana, tsy ivelan'Andriamanitra ka misy fanoavana handraisan'Andriamanitra azy, fa ny Communion dia mahafoaka ny zavatra be lavitra noho ny Alliance.

Mety mahalaza azy ny fitondràn'ny vehivavy ny zanany ambohoka. Omeny toerana amin'ny fiainan'io olona io ilay zaza. Ilay zaza anefa dia tsy manontany ilay toerana. Mihoatra noho izany ny fiombonana amin'Andriamanitra.

Manokatra toerana ho an'ny fiangonana Andriamanitra ary tsy sivy volana fotsiny izany fa mandrakizay.
Andriamanitra manome toerana ho an'ny fiangonana avy amin'izany fiombonana izany.
Izany Communion izany dia mihoatra noho ilay Alliance de grâce, ka afaka mandray azy.

4.4.2 Fiombonana, mandray ilay fanamarinana amin'ny fahasoavana

Ilay fiombonana koa dia mandray ilay Justification par grâce, fa tsy ny fanoavana fa ny fahasoavan'Andriamanitra irery no mampihavana.
Ka ny fiombonana manao asa misiona dia mandray ny hoe : izay miombona dia manao asa misiona.

Koa ny fijery azy, na ny resaka justification na ny alliance dia voafono ary voazava kokoa ao amin'ny Communion.

4.5 IO FIREHANA FPMA IO DIA MIFOTOTRA ARA-TSORATRA MASINA.

4.5.1 Miombona amin'ny Trinité ny FPMA, izay Communauté d'envoi.

Andriamanitra dia maniraka mandrakariva. Mifaniraka Izy. Ny Ray sy ny Fanahy naniraka ny Zanaka, ary ny Zanaka sy ny Ray naniraka ny Fanahy, ary amin'izao fotoana izao ny Zanaka sy ny Fanahy maniraka ny Ray.
Amin'izany no nanaovana grefy ny Fiangonana.

Ny FPMA dia nataon'Andriamanitra grefy amin'Andriamanitra manao mission.
Fitiavana no ivelomany sy iaretany.
Ny Ray miantso ny FPMA, ny Zanaka maniraka, ny Fanahy Masina mitoetra ao amin'ny FPMA.

Ao amin'ny hoe "antso iraka" ny FPMA. Toa an'i Kristy, ny Fiangonana, izay tian'Andriamanitra no irahiny. Tsy feheziny ho Azy izay tiany, fa ny malalany no zarainy. "Izy tsy niaro ny Zananilahy".
Raha tian'Andriamanitra ny FPMA dia irahiny. Izay ilay communion. Tsy misy elanelany ireo roa ireo : fitiavana sy iraka.
Izany rehetra izany dia vaovao mahafaly tsy misy aloka sazy amin'izany fa fahasoavana lehibe, vaovao mahafaly.

4.5.2 Ny FPMA dia velomin'ny Sakramenta.

Amin'ny fiangonana protestanta rehetra, toa lasa ankilabao ny Fanahy Masina. Mijanona amin'ny Christologie izy. Eo amin'ny fanekem-pinoana ihany no iresahana azy, fa tsy itoerana, ianarana sy ivelomana.

Ka mahatsara ny FPMA ny manaitra ny fiangonana rehetra fa tarihin'ny Fanahy Masina izy

- Ny Tenin'Andriamanitra manontolo no mitondra fanavaozana ny fiangonana. Lazain'ny FPMA fa miorina amin'ny Tenin'Andriamanitra, mandalina ny Tenin'Andriamanitra ...

- Ny Sakramenta no ivelomany.

Ny Batisa dia sady fiombonana amin'Andriamanitra no fanosorana amin'ny asa misiona. Tsy ny Pasitera ihany fa ny Kristiana rehetra.

Ny Fanasan'ny Tompo dia tsy symbole fa Icone.
Rehefa manokana trano vaovao ny gasy dia asiany fary, akondro ary vola eo. Satria nino ny Malagasy fa ny zavatra tondroin'ny akondro : miteraka izy vao manaiky ho faty. Ny fary : mamy ...

Tsy symbole ireo fa tena ninoany.

Hoy Paoly : izay manatona ny latabatry ny Tompo amin'ny fo tsy mendrika dia manameloka ny tenany, satria misy présence réelle n'i Kristy eo.

Ny Fiangonana dia ampaherezina amin'ny firaisana amin'ny tenan'i Kristy, amin'ny firaisana amin'ny samy mino. Rà iray dia ny ràn'i Kristy no manenika ny rà rehetra miombona amin'izany fanasàna izany. Ny ràn'i Kristy no mahatonga antsika ho olona iray ao amin'ny Tompo.
Izay tarihin'ny Fanahy, ... dia miroso amin'ny asa misiona.

4.6 INONA ARY NO TAKIAN'NY FIREHANA FPMA (AMIN'NY ANKAPOBENY)

1 Fanamafisan'orina ny fiombonana manao asa misiona
Ohatra : Fampianarana hatramin'ny zaza ka hatramin'ny taom-bolamena.
Tokony hatanjaka ato amin'ny FPMA izany.

2 Ny Education théologique ho an'ny Mpitandrina, Diakona, Komity, ka olona izay mahalala tsara ny foto-pinoana ny mpiandraikitra.

3 Fahalalàna tsara ny tantaran'ny Fiangonana. Tsy 40 taona ny FPMA fa 2000 taona, fa ny fototra iorenany dia Kristy.
Ilain'ny FPMA ny hahalala tsara ny fototra niaviany, miverina hatrany Palestina.

4 Fanolokoloana ny aim-panahy maha kristiana

5 Ny fiainana litorjika :
mila fandalinana betsaka. Raha miteny isika hoe : ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra : firehana inona no niavian'izany ?
- Ny culte samihafa, ny mariazy, ny fanokanana, sns ... mbola mila jerena avokoa.
- Fandinihana ny lova avy amin'ny 2000 taona.
  Nahoana ny fiangonana no mampiasa labozia ? mampitohy ny finoany amin'ireo fiangonana voalohany, ireo tany amin'ny Catacombe 2000 taona lasa.
  Ny fiangonana efa niaina 2000 taona ka ny aiza no manampy ? jerena izay mahasoa fa tsy ariana daholo.
  Ziogan'ny mpitandrina : ny akanjo toy inona no anaovana amin'ny sacerdoce sy ny toriteny ? samihafa ve ? ...

6 Ny fiainam-bavaka, ataon'ny tsirairay, na isan-tokantrano

7 Fampijoroana ny fiainana sakramantaly.
Tonga fiainana ho antsika ve ny sakramenta.
Fandalinana ny hevi-dalin'ny batisa sy ny fanasan'ny Tompo. Fandinihana ny fanaovan'Andriamanitra antsika ho fiasam-pahasoavana, fanaovan'Andriamanitra antsika ho sakramentan'Andriamanitra eo amin'izao tontolo izao.

8 Fampijoroana ny ministera samihafa

9 Famaritana mazava ny asa misiona amin'ny maha aty an-dafy azy.
Mila fikatsahana izany ny FPMA.

10 Ny fandalinana koa mampijoro ny rafitra.
Episkopa : tsy manjakazaka ny anjara fiandrasana.
Inona no rafitra tadiavin'ity Firehana Teolojika ity, mba hisian'ny fahatanjahan'ny fiombonana ?
Isika, presbytero-synodaly ve mifanaraka amin'io firehana io. Endrika manao ahoana no iandrasana : ny komity ve sa ny mpiandry (pasteur no lazaiko amin'izany) ?

5 FIZARÀNA ANTOKO

Hizara antoko dimy isika ary hamaly fanontaniana tsirairay ny antoko isan'isany.

5.1 ANTOKO I : MINISTERA INONA AVY NO TOKONY HISY AO AMIN'NY FPMA

Inona no atao hoe ministera : nanavaka ministera telo i Calvin :

- diakonia : fiantràna. Fanomezana zarazaraina, ohatra : talenta
- dokentes : fampianarana
- pastoraly : fitondràm-piangonana, andraikitry ny mpampianatra, fitaizam-panahy, Soratra Masina

Avahan-tsika protestanta ny ministra (mpitandrina) sy ny ministera : asa andraikitra omen'Andriamanitra anao ampiasaina ho an'ny Tompo, ho fanompoana an'Andriamanitra.

Ny ministera apostoly : apostoly, iraka nantsoin'ny Tompo (12 lahy) nomen'ny Tompo andraikitra vavolombelona, ambasadaoro.
70 lahy miavaka amin'ilay 12 lahy.
Pentekosta : nilatsahan'ny Fanahy Masina, nahaterahan'ny fiangonana. Talohan'i Jesosy, tsy nisy fiangonana. Talohan'io Pentekosta io, nisy critères nanoloana an'i Jodasy, natao latsa-bato ka Matiasy. Tsy dia re loatra. Paoly no apostoly faha-13, hiantoka ny fitoriana sy ny fampianarana.
Diakona 7 lahy : fitantanana ny latabatra. I Filipo (isan'ireo) lasa nitori-teny.

Rehefa nitatra ny fiangonana dia navahana ny loholona, ray aman-dreny nitondra (eveka).
Ny Presbytère : mpitandrina eo an-toerana
Episcopaux : tsy olona tokana fa collégial des anciens, fikambanan'olona.
Presbytéraux

Amin'ny fiangonana Réformée ny diakona dia ministera manokana manana asa ivelan'ny fiangonana, vavolombelona.
Ny Diakona any Suisse dia manao asa sosialy.
Conseillers presbytéraux.

Inona no ho an'ny FPMA ?

- Fampianarana : tsy ampy. Manangana sekolin'ny mpitoriteny, hahafahana manofana olona hampianatra ara-pinoana. Mila hatsaraina, azo itarina, manao fitaizana tsy voafefin'ny rindrina.
- Miainga amin'ny don ny rayonnement n'ny kristiana.
  Ny antsika sady Pastera no Mpampianatra.
  Azo zaraina : Teolojiana sady mampianatra no manoratra vatsy sehatra azo hampiharana azy.
  Amporisihana hampita ny fianarany.
- Diakonia : MAMI. Azo itarina, mila cahier de charge.
- Sehatra fitoriana ny filazantsara : une Eglise qui n'est pas missionnaire est démissionnaire.
- Fampahafantarana ny FPMA.
  Ohatra, ny FPMA Lyon ni-parrainer Tetezam-pasika. Fantatry ny fiangonana ny fisiany.

Modele n'ny Communion en mission : mivelatra ho an'ny hafa.
Tsy mbola ampy ny maha Fiangonana antsika. Mila fitaizana

Maro ny ministera eto amin-tsika :

- Diakonia : MAMI, cahier de charge
- Mission, tsara atao mazava (caritatif)
- Fampielezana ny Soratra Masina
- Mila hamafisina ny fampianarana mpitandrina, teolojiana, diakona
  Olana : Misy toerana tsy manana mpitandrina. Mila mpitandrina, fitaizana hamokatra bebe kokoa.
  Inona no misakana ny FPMA tsy hanome bourse hianatra ?

5.2 ANTOKO II : FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA MANAO AHOANA NO TAKIAN'IO FIREHANA IO

Fijoroana ho vavolombelona manao ahoana no takian'io Firehana io eo amin'ny FPMA
Inona no tokony ataon'ny Fiangonana mba hahatonga ny mpino tsirairay ho misionera ?

Toy ny fianarana rehetra dia tsy azo lazaina ho hay tanteraka izay nianarana raha tsy lasa fiainana aloha. Noho izany, tsy mahay mizara raha tsy efa nandray aloha.

Mandray : miorina tsara amin'ny Soratra Masina.
Aorina tsara ato amin'ny structure sy programa FPMA ny fianarana tenin'Andriamanitra amin'ny halalan'ny Cellule de Prière, Etudes Bibliques, Sekoly Alahady, Sekolin'ny Tenin'Andriamanitra ho an'ny lehibe (ohatra, mandritra ny fotoanan'ny Sekoly Alahady), lasy isan-taona, asa sosialy arahina asa fitoriana.

Zaraina : ny filazantsara. Jesosy maty ho antsika, nitsangana tamin'ny maty ary nitondra fianarana ho antsika. Ny asa rehetra ataon'ny fiangonana dia tokony isehoan'izany.

Ohatra : raha misy olona mila fanampiana dia antsoina koa izy hiara-mitondra amim-bavaka izany olana izany sy ny démarche rehetra ataony. Nisy valim-bavaka efa hita tamin'izany fa nanokatra lalana Andriamanitra, ary lasa vavolombelona io olona io satria nahita sy nahatsapa ny famonjen'Andriamanitra.

5.3 ANTOKO III : RAFITRA MANAO AHOANA NO ENTIN'NY NY COMMUNION EN MISSION

Rafitra manao ahoana no fifandraisan'ny presbytero-synodaly amin'ny communion en mission

1) Nojerena ny hoe inona ny "presbytero-synodaly"
2) Mifandray amin'ny Communion en mission io rafitra io.
   Presbyteros : mahatonga ny Kristiana ho responsable
   Synodos : tsy miolonolona ny tafo fa miara-mandeha
3) Mila dinihina ny toeran'ny mpitandrina. Aiza ny toerany ? Inona no anjara asa omena azy ?

5.4 ANTOKO IV : AHOANA NO ANANAN'NY FPMA FOTO-PAMPIANARANA IOMBONANA

1) Tenin'Andriamanitra : hiverenana ny foto-pampianarana nataon'i Lotera sy Calvin, ny fampianarana Protestantisma fototra.
2) Fanafoanana ny fanindraindrana ny maha-FJKM na maha-FLM fa FPMA izao isika ary manana ny maha izy azy
3) Fomba fampitàna ny fototra.

Eto dia tsy mitovy ny hevitra ary mbola mipetraka ny ady hevitra hoe :
andaniny : mikaondoha ny vahoakan'Andriamanitra isan-tokony, resahana izay mampisaraka ary faritana izay iraisana.
ankilany : tsy resahana izay mampisaraka.

4) Vaomieran'ny fanofanana no hametrahana izany fanatanterahana izany

5.5 ANTOKO V : AHOANA NO FOMBA HANDRAISAN'NY FPMA NY LOVA SAMIHAFA HITANY FA HAHATSARA ?

Ahoana no fomba handraisan'ny FPMA ny lova samihafa hatrany amin'ny voalohany sy teo amin'ny toerana sy ny fotoana rehetra hitany fa hahatsara ?

Ny fiombonana ao amin'ny FPMA dia fampiraisana ny fiangonana rehetra. Ny tantaran'ny Fiangonana anefa dia manambara fa ny fitsanganan'ny iray matetika dia miankina amin'ny fanipahana ny hevitra na foto-kevitra vitsivitsy teo amin'ny fiangonana nisy teo alohany.

Raha mitsangana izy ireny dia samy nilaza fa ny azy ihany no marina.

Inona ary no fomba ho entin'ny FPMA hahafahana mihoatra izany, ka tsy hitsipaka ireo fiangonana sy firehana nihaviany ?

1) atao ny fandravonana ireo lova efa misy, ary atao amim-panetren-tena izany. Ny fitarihan'ny Fanahy Masina no angatahana, ary ilaina ny fifotorana tanteraka amin'ny filazantsara mandritra ny fandravonana sy ny fifidianana ny lova tsara.
2) tokony hijoro tanteraka amin'ny fanao efa mampety ny firaisana ny FPMA, nefa tsy manipaka ny traikefa teo amin'ny fiangonana teo aloha rehetra

Fomba fandravonana ahoana anefa no tokony hizorana ?

Misy ny atao hoe "union" : unité dans la diversité.
Misy ihany koa ny "Fusion" : mitrandraka izay tsara avy amin'ny lova ny FPMA ary aravona ho zavatra iray izy rehetra.

Mizara telo ny hevitra :

1) Ilay union dans la diversité no tanterahana ;
2) Tonga dia miroso amin'ny firazisana tanteraka ;
3) Atao ho dingana voalohany ny unité dans la diversité hahafahan'ny kristiana mivelatra tsara eo amin'ny fampianaram-pinoana niaviany. Miroso tsikelikely any amin'ny Firaisana tanteraka rehefa tonga ny fotoana mampety izany.

Fomba inona no hahatanteraka izany ?
Ny tanjona dia ny hiray saina ny mpitandrina rehetra, ary foto-kevitra iray (tokana) no ho banjinina.
Ilaina ny fiofànan'ny mpitandrina tsirairay avy, amin'ny alalan'ny seminera, Ecole Théologique, sns ...
Ilaina ihany koa ny fiofànan'ny mpino rehetra ato amin'ny FPMA eo ampanaovana ny fanasivanana ny lova rehetra efa noraisiny.

Ireo no fandravonana ny hevitra nivoaka. Fohy loatra ny fotoana, koa tsy vita ny fitrandrahana ny hevitra rehetra.

6 FANAMARIHANA
Fanamarihana, momba ilay fanontaniana faha-dimy
Misy ilay atao hoe : Differenciated consensus. Misy loko samihafa fa eken'ilay consensus.
Amin'ny teolojia dia mirona betsaka amin'izany ny mpandinika.
Ny réalité dia ohatry ny prisme. Arakaraky ny hijerenao azy dia manome loko samihafa izy.
Ny ezaka dia mifanazava sy mifampanontany.
Aoka koa tsy hijanona hatreo Madagasikara fotsiny fa hatrany Palestina. Ohatra, ny fampiasàna ny labozia izay tsy katolika fa efa talohan'ny nisarahana no nisiany.

7 HO FAMARANANA, FAMPANANTENÀNA
Tiako ny hizara amin-tsika ny fanantenàna apetraky ny Tompo ho an'ity fiangonana ity : "Mba ho iray ihany izy rehetra"

Ny fanontaniana dia izao : mba mamaly vavaka ny Zanany ve Andriamanitra ? Efa ho Telo-alina izao ny isan'ny antokom-pivavahana.

Isan'ny valim-bavaka ho an'ny Tompo ny hisian'ny FPMA. Santatra, tsy ho an'ny fiangonana any Madagascar ihany fa eran-tany.

7.1 FPMA HITONDRA FANAVAOZANA HO AN'NY FIANGONANA MIZARAZARA ERAN-TANY
Noresahana tamin'ny fihaonan'ny LWF sy ARM vao haingana ny amin'ny hoe Mission en Unité. Isan'ny noresahana tao ny FPMA izay manao lien amin'ny Fédération LWF sy ny ARM.
Nahoana moa ny ERF sy ny EELF izay efa akaiky ny firaisany no mbola tsy miray ? Angamba mila tosika avy amin'ny FPMA ?

FPMA hitondra fanavaozana ho an'ny fiangonana mizarazara eran-tany, ka raha hiresaka ny FPMA ny olona dia ho izany no ho tsarovana.
Manana izany fanantenàna izany aho.

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra mandrakizay. Amen